Beari Nirina Marcellin

Tsy azo omena zom-pirenena Malagasy izany ny vahiny

Nanaitra ny fanazavana nentin'Andriamatoa Beari Nirina Marcellin, izay tsy nisalasala namaky bantsilana ny fomba fiasan'ny fitondrana Rajoelina .

Nantitranteriny fa tsy kilalaon-jaza ny fitondrana firenena, fa ilana olona niomana amin'ny lafinjavatra rehetra, izay no hitsarana fa tena havanana ny mpitondra ary mahasahy miatrika fitantanam-pirenena
Noho izany dia mila olona manana fanapahankevitra hentitra sady tsy olona tia andrakandrana, f'efa manana traikefa ny firenena, hoy izy.
Maro ireo lalàna izay dikain' ny fitondrana Rajoelina hoy Beari Nirina toy ny "Laïcité de l'état", na fametrahana ny fitondrana tsy hiankina amin' ny finoana ary ny lalàna misy eto Madagasikara dia nadika be fahatany tamin'ny lalàna frantsay, izay hita fa tsy mety amintsika malagasy ka tokony hovaina.
Ity fitondrana ity dia tsy mahazaka demokrasia kanefa izany no notabatabaina ny taona 2009, satria na ilay nambara ho kianjan'ny demokrasia aza dia novaina ho "jardin botanique " ary tsy tahotra tsy henatra ny mpitondra, fa sahy managadra tsotra izao ireo izay tsy mitovy hevitra, hoy hatrany i Beari Nirina .
Mahakasika indindra ny fanomezana ny zom-pirenena ho an'ireo vahiny dia tsara ho fantatry ny malagasy ny mikasika ireo karana ireo, sy ny toetrany araka ny nambaran'i Beari Nirina, satria eo amin'ny lafiny fivavahana dia misy ny fanavakavahana ataon'ireo karana, kanefa dia samy silamo izao ihany. Nambaran'i Beari Nirina f'ireo karana dia tsy miditra amin'ny Moske idiran'ny kaomoriana.
Mampalahelo ihany koa hoy i Beari Nirina ny mahazo ireo malagasy izay miasa amin'ireny karana ireny rehefa tonga ny fandraisam-bola, satria vola miampy ozona tsy ampanjary ny fiainany no omeny.
Ny ao amin'ny fitsarana indray ny fitopolo hatramin'ny valopolo isanjaton'ny raharaha ao dia ady tany, mbola ireo karana ihany no miady amin'ny malagasy ary ireo vahiny hatrany no mahazo ny rariny.
Tsara ho fantatry ny vahoaka malagasy ihany koa fa raha azony io zom-pirenena io dia tsy maintsy handray anjara amin'ny fitantanana ny raharaham-pirenena izy ary ny Ministeran'ny harena ankibon'ny tany, sy ny fanajariana ny tany, no hihazakazahany voalohany.
Noho ireo antony voalaza teo ireo dia tena loza ho an'ny malagasy ny fanomezana an'ireo karana ny zom-pirenena malagasy, koa antso no atao amin' ireo solombavambahoaka hoy Beari Nirina Marcellin : Ry solombavambahoaka aza hamidy ny hoavin'ny taranaka.
Fa ankoatran'izay voalazan'i Beari Nirina izay dia tsara ho fantatry ny vahoaka fa raharahan'izy samy karana no nahafaty an'i Danil Radjan, saingy dia notsotsorina tamin'ny afaka hoe nohafahana noho ny fisalasalana.
Mampihorohoro ny didimpitsarana toy izany satria, ny manambola toa an'i Danil Radjan aza matimaty foana, sy niala maina teny amin'ny fitsarana, mainka fa ny malagasy kely sahirana ve hahazo rariny raha miakatra fitsarana.
Io raharaha io ihany koa

dia manaporofo, fa efa an'ireo karana ny tanàna satria efa sahy mifamono eto amin'ny tanintsika izy samy izy.
Raha fehezina dia samy ilana fandinihana lalina ny nambaran'i Beari Nirina, sy ny didimpitsarana mikasika ny fahafatesan'i Danil Radjan, satria samy mampiseho ny fahalementsika malagasy manoloana ny setrasetran'ny vahiny manambola.

Ny Valosoa

Ny Valosoa sy hadihady

Fitondràna Rajoelina

Mitohy ny ramatahora ataony ny mpanohitra hatreny Faravohitra

Misasaka ankehitriny ny fotoampiasan'ny filoha napetraky ny HCC sy ny CENI Andry Rajoelina. Nanantena ery ny vahoaka Malagasy nifidy azy, fa ho lasa paradisa i Madagasikara, satria voababo tamin'ny lainga tsara lahatra mampandry andrisa. Ho an'ny vahoaka Malagasy tsy nifidy azy marobe kosa moa dia efa nahafantatra mialoha fa olona tsy azo fidiana ho filoha izany Andry Rajoelina izany, izay namafisin'ny depiote Fidèle Razara Pierre tamin'ny fotoan'androny rehefa nanohana ny filoha Marc Ravalomanana izy. Nefa na izany aza dia mba nieritreritra ihany ny sasany izay tsy nifidy azy fa mba hiezaka Andry Rajoelina hanonitra ny fahapotehan'ny firenena fony izy nitondra ny tetezamita nandritra ny 5 taona be izao, ka mba hanao zavatra tsara hampandrosoana ny firenena. Kanjo, inona no teo ? diso fanantenana ireo olona nifidy azy, tapi-dalan-kaleha ohatra ny sokina nanani-bato ireto farany, ka latsanenina tanteraka. Ohatra fotsiny amin'izany ny nitenenan'ny kandida Andry Rajoelina tamin'ny fotoan'androny, fa tsy haka ny tanin'ny Malagasy ny tenany na iray metatra aza. Amin'izao fotoana izao, inona no miseho ? mikaikaika daholo ny mponina fa lasan'ny mpanambola ny tany efa nipetrahana nandritra ny taona maro dia arodana ny tranon'ny vahoaka madinika. Izahay anie prezidà mba nifidy anao, nefa dia ataonao toy izao ? izany no feo heno etsy eroa amin'izao fitondràna Andry Rajoelina izao. Ankoatra izay, ny lafiny sosialy izay ain-dehiben'ny vahoaka Malagasy dia tena atao tsinontsinona ankehitriny. Firifiry moa ireo mpiasa no tsy mandray karama ankehitriny toy ny mpandraharaha eny amin'ny Oniversite sns….. ? firifiry ireo very asa ? firifiry ireo ankizy tsy miditra an-tsekoly ? firifiry ireo fianakaviana mitsabo marary tsy manambola, ka lasa any amin'ny varo tsy mifody ny havany ? aiza ilay fampanantenana fa hijery sy hanao ambony ny resaka sosialimbahoaka? Ny asa mivaingana ataon'ny mpitondra ankehitriny napetraky ny HCC sy ny CENI Andry Rajoelina dia ny fanenjehana ny mpanohitra, indrindra ny lehiben'ny RMDM ny filoha Marc Ravalomanana. Vao omaly ny omaly, nandefasana mpitandro filaminana indray ny trano fonenan'ny filohan'ny mpanohitra Marc Ravalomanana. Izay mivoaka sy miditra rehetra dia savaina sy hametrahana fanontaniana avokoa. Rehefa mandeha mivoaka ny trano indray ity farany dia tsy maintsy misy mpitandro filaminana mihaodihaody amin'izay alehany rehetra. Ny fanenjehana atao amin'ny filoha Marc Ravalomanana amin'ny lafiny rehetra amin'ny onjampeo maro samihafan'ny mpitondra sy ireo tambazotran-tserasera dia sakafo ho hanina isan'andro. Ny filohampirenena amin'ny kabary isaky ny tapabolana resaka valan'aretina CORONAVIRUS amin'ny onjampeo maro samy hafa dia tsy maintsy misy teny miantefa amin'ny mpanohitra hatrany. Hany ka lasa saina ny olompirenena fa ny fanenjehana ny mpanohitra ve no zavadehibe amin'ny mpitondra fanjakàna sa ny tena fijerena ny fahasahiranana mahazo ny vahoaka ankehitriny izay latsaka ao anaty fahantrana tanteraka e? Efa misasaka ny fotoampiasan'ny filoha Andry Rajoelina araka ny voalaza tetsy ambony, kivy ny vahoaka fa tsy misy antenaina aminy intsony satria na ireo olona niaradia taminy aza dia efa manenina tongotra amantanana avokoa.

Helisoa

Vehivavy 200 mpanao arovava sy orona

Tsy voaloan'ny ministeran'ny mponina ny karamany

Vehivavy miisa 200 teo ho eo no nanao hetsika nanoloana ny ministeran'ny mponina etsy Ambohijatovo omaly, tsy voaloan'ny ministeran'ny mponina ny karaman'izy ireo nanamboatra arovava sy orona, na cache bouche. Nampanaovina fikambanana sosialy miankina amin'ny ministeran'ny mponina cache bouche izy ireo ka 25000 fmg na 5000 Ar isanandro no karama nifanarahana, mandritra ny 20 andro. Roa volana izay mbola tsy azo ny vola, koa tonga teo Ambohijatovo izy ireo nitaky ny karamany, fikambanana vehivavy marefo ao amin'ny Boriboriyany faha-5 izy ireo. Tsy mahagaga ny toy izao, satria fitondrana tsy mahaefa volana sokajin'olona maro samihafa no misy eto amintsika amin'izao fotoana.

Stefa

Ny ministeran'ny mponina etsy Ambohijatovo.

TONONKALO

Any ianao Boaikely izay…

Andeha diovy ry boaikely ny tontolo misy anao,
Fa efa tena feno loto sy anjakan`ny kalalao.
Tsy misy zavatra mamiratra fa ny ataonareo rehetra,
Dia ny miombona amin`ny ratsy, manao bizina voretra.

Andeha diovy ry boaikely ny tontolo misy anao,
Fa ny olona mpandrava efa no mialokaloka ao.
Manoro vohony matetika, nefa dia tsy mety leo,
Ka mitandrema ianao boaikely sao ho tratra farany eo.

Andeha diovy ry boaikely ny tontolo misy anao.
Jereo ny bokotra efa mena, matroka ny tabilao.
Koa aza miandry ny ora farany hanenoan`ny anjomara,
Fa mialà rehefa hita fa ho ratsy ny tantara.

Andeha diovy ry boaikely ny tontolo misy anao
Fa tena tsy manara-penitra sy tsy misy kalitao.
Ny olona eo akaikinao, ny misolelaka no hainy,
Saingy ho avy ny fotoana, ianao mianjera no hakorainy !

TSIMIMALO (04-06-21)